

## Ity Nosintsika ity

An... An...  
Tiritiritirititi...

Ala matevina mandavan-taona,  
Avaratra izay sy atsinanana iny.  
Ririnina izany na koa lohataona,  
Tsy tapaka rano fa toy ny siny.

Havoana sy lemaka tsy manam-petra,  
Mameno ny faritra andrefana any.  
Ahitana karazan'ny voly rehetra :  
Sakafo sy vatsy tsy mety lany.

Ny tapany farany atsimon'ny Nosy,  
Somary maina sy ngazana izay.  
Malaza tokoa amin'ny fiompiana osy,  
Amin'izato endrika toa tany hay.

Ny faritra anivo na afovoany indray ?  
Feno havoana sy vohitra maro,  
Tanety sola, kila sy may,  
Novolen-kazo mba ho fiaro.

Ny mahavariana amin'ity Nosintsika ?  
Maro karazana ireo toe-tany.  
Ny teny fampiasa, iray ihany.  
Tena mahagaga tokoa anie izany !

Tiritiritirititi...  
An... An...

